5 MAY 2010.

Le 21 Iyar 5770.

Tsy hitodi-damosina ireo diso lalana ny tena kristianina

« Izaho koa dia tsy manameloka anao; mandehana, ary amin'izao sisa izao dia aza manota intsony» (Jaona 8:11)

Nanantona an'i Jesosy ireo andiana fariseo sy mpanora-dalàna nisintona vehivavy feno tahotra izay nampangain'izy ireo tamin'ny feo avo sy mahery setra ho nanitsakitsaka ny didy faha fito. Nony tonga eo anatrehany dia hoy izy ireo tamin'ny fiatsaram-belatsihy: Mosesy dia nandidy antsika fa hotoraham-bato izay vehivavy manao toy izany (Deo. 22. 22-24); fa ahoana kosa hoy Hianao? Ny fanajàna izay mody nasehony dia manafina tetika maizimaizina hamandrihana Azy. Nararaotina io toe-javatra io hitadiavana porofo hanamelohana an'i Jesosy na inona na inona valin-teny homeny. Raha ahafahany io vehivavy janga io dia holazaina fa tsy miraharaha ny laln'i Mosesy Izy; raha kosa manameloka ho faty azy Izy dia hoendrikendrehin'izy ireo any amin'ny Romana fa maka ny fahefàna izay ny Romana ihany no manana izany.

Nanopy ny masony tamin'ny manodidina azy Jesosy: eo anilany ilay vehivavy nohelohina, mangovitra sady feno henatra; etsy andaniny ireo mpitondra fivavahana ambony amin'ny endrika masiaka sy tsy misy antra. Mifanohitra indrindra amin'ny fahamasinany izao toe-javatra izao. Fantany tsara ny antony manosika nitondràna ity raharaha ity eo anatrehany. Mamaky ny ao ampo Izy ka hainy antsipiriany ny toetra amampanahin'ireo rehetra manodidina azy ireo. Ireo mody milaza fa mpanantanteraka ny lalàna ireo no nitarika ilay vehivavy hijangajanga mba hamandrihana an'i Jesosy. Niondrika toy ireny tsy naheno ny fanontaniany ireny Izy ary nibanjina nanoratra tamin'ny tany .Tsy nahandry izany fotoana izany ireo satria Jesosy toa tsy rototra ka nanatona nijery akaiky nanery Azy hanome valin-teny.Kanjo rehefa nifantoka teny amin'ireo soratanan'i Jesosy ny masony dia azon-pahatairana izy ireo: voasoratra mazava teo ny fahotàna miafina teo amin'ny fiainany manokana.

Resy ny mpanendrikendrika. Nirodana teo ny mody fitafim-pahamasinana nisalorany ka nihanjahanja teo anatrehan'ny fahadiovana mangatsakatsaky ny Tompo . Ny tahotra ny hisehoan'izany eo imasom-bahoaka dia nampangovitra azy ireo fatratra ka nitsohany tsimoramora tsikelikely, namela irery ilay nohelohina teo antrehan'i Jesosy be honena.Nitsangana Izy ka nanontany azy hoe *« ravehivavy, aiza ireo nanameloka anao teo? Tsy nisy nanameloka anao ve? Tsy nisy Tompoko hoy izy; Izaho koa tsy manameloka anao; mandehana ary aza manota intsony » Nijanona tamim-pahangovitana teo anoloan'i Jesosy ity vehivavy ity ka ilay teny hoe « izay rehetra tsy nanota taminareo no aoka hitoraka azy voalohany »* dia nanakoako tao antsofiny toy ny didipahafatesana. Tsy sahy niandrandra ny masony tamin'ny Mpamonjy izy ary niandry ny fanamelohana amim-pahanginana. Tamim-pahagagana no nahenony ny fitsoakan'ireo mpanendrikendrik'azy gina tsy nahateny, ary avy eo henony nanakoako ilay tenimpanantenanana hoe *« Izaho koa tsy manameloka anao. »* Tohina ny fony ary dia niatrambotra teo antongotry Jesosy tamin-dranomaso sy tamim-pangidiana fatratra izy niaiky ny fahotàny sy nitsotra izany .

Ny mpianatr'i Kristy dia tsy hamela olombery iray hanohy ny lalany ho any amin'ny hantsana. Ireo izay malaky manameloka sy mitondra eo amin'ny fitsaràna no meloka kokoa aza no izay endrikendrehany. Mankafy ny fahotàna ny olona nefa mankahala ny mpanota. Kristy kosa mankahala ny fahotàna fa tia ny mpanota. Izany toetsaina izany no tokony hanetsika ny mpianany. Ny fitiavana araka an'i Kristy dia miisatra dia miisatra raha hanameloka, malaky mitsinjo ny mari-pibebahana, vonona hamela heloka, hankahery, hametraka indray eo amin'ny lalan'ny fahamasinana ireo izay diso lalana. Ellen G. White *Jésus-Christ* chapitre 50, Jean 8 : 1 – 11.



http://schwintner.chez-alice.fr/